fantatrareo va inona no lazain'ny Tomponareo ? " Namaly Azy izy ireo ka nanao hoe : i Tompo Allah sy ny Irany ihany no mahalala, ka Niteny indray Izy ny hoe : " Misy amin'ireny Mpanompoko ireny tratra-maraina mino Ahy ary Mpikomy

Tatitra azo avy tamin'i Zayd bin Khalid al-Johany (R.A), Niteny ka nanao hoe : Nitarika Soalat Soubhy i Mpaminany (S.W.A) tao Hodaybiat taorian'ny filatsahan'ny Orana nandritry ny alina, rehefa tapitra izany dia nitodika tany amin'ny Olona Izy, ka dia Niteny hoe : " fantatrareo va inona no lazain'ny Tomponareo ? " Namaly Azy izy ireo ka nanao hoe : i Tompo Allah sy ny Irany ihany no mahalala, ka Niteny indray Izy ny hoe : " Misy amin'ireny Mpanompoko ireny tratra-maraina mino Ahy ary Mpikomy , Ka izay Niteny hoe : Nirotsaka amintsika ny Orana noho ny fahasoavan'i Tompo Allah sy ny indrafony, izany dia Mino Ahy ary tsy mikomy ny kintana, fa izay milaza hoe : Nohon'ny zavatra izany sy izany, ireny dia Mikomy Ahy ary mino ireny kintana ".

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nitarika vavaka maraina i Mpaminany (S.A.W) ny (Soalat) teo amin'ny hodaybiat - izy io dia tanàna ambanivohitra akaikin'ny Makka- taorian'ny Orana izay latsaka tamin'ny alina, Rehefa namarana ny vavaka izay nataony Izy, dia nitodika nanatrika ny Olona, avy eo nanontany azy ireo ka nanao hoe : Fantatrareo ve inona no lazain'ny Tomponareo ilay Avo Tsitoha ? Namaly izy ireo ny hoe : i Allah sy ny Irany ihany no mahalala sy mahafantatra, Niteny Izy ka nanao hoe : Nanambara mazava tsara i Allah fa mizarazara ny olona eo am-pilatsahan'ny orana : Misy ny mino an'i Allah ary ny sasany kosa tsy mino ka mikomy an'i Allah. Ka izay miteny hoe : Nahazo orana izahay nohon'ny fahasoavan'i Allah sy ny famindrampony, ary napetrany ho an'i Allah irery ihany ny fahefana fandatsahana an'izany orana izany; Dia izany tokoa no tena mino an'i Allah ilay Mpahary ary mandrindra ny fizotran'izao tontolo izao, ary tsy mino ny tonon'andro. Fa izay Niteny ny hoe : Nanorana ny andro noho ny kintana izao sy izao; izany dia Mpikomy an'i Tompo Allah, ary mino ny tonon'andro, ka izany dia fikomina kely Satria nolazainy fa nohon'ireo kintana no nahalatsaka ny Orana; ary i Allah tsy nametraka izany ho antony lalàna sy lahatra. Fa izay mametraka ny filatsahan'ny orana noho ny tranga miseho eto an-tany sy ny fietsefan'ny planeta amin'ny fiakarany sy ny fihidinany ka mino izy fa izany no manodina azy, ireny dia Mpikomy ary nanao fikomiana lehibe.